FAMPAHAFANTARANA AMIN'NY HAINO AMAN-JERY

Ho fampahafantarana ny « **DINA ARA-PITSIPI-PITONDRANTENA SY FAHITSIANA HO AN'IREO MPILATSAKA HOFIDIANA, MBA HO FITONIANA AMIN'NY FIFIDIANANA FILOHAMPIRENENA».**

**Ny Kômity Iombonana ho amin'ny Dina, ahitana :**

- Ireo Andry sy Rafitra ara-panjakana, miisa 7 : ny « *Conseil du Fampihavanana Malagasy (CFM), ny « Commission Électorale Nationale Indépendante » (CENI), ny « Commission Nationale Indépendante des Droits de l'Homme » (CNIDH), ny « Haut Conseil pour la Défense de la Démocratie et de l'État de Droit » (HCDDED), ny « Comité pour la Sauvegarde de l'Intégrité » (CSI), ny « Bureau Indépendant Anti-Corruption » (BIANCO), ny « Sampandraharaha Malagasy Iadiana amin'ny Famotsiam-bola » (SAMIFIN),*

- Ireo fikambanana eo anivon'ny Fiarahamonimpirenena, miisa 5: ny Tetik'asa *FANDIO (Fifidianana Antoka ho an'ny Daholobe Ifantenana Olombanona), ny ONG TOLOTSOA, ny TRANSPARENCY INTERNATIONAL INITIATIVE MADAGASCAR, ny JUSTICE ET PAIX*, *ny Hetsiky ny Fiarahamonimpirenena ROHY,*

rehefa avy namolavola Dinam-pifanarahana, izay natolotra an'ireo Kandida ho amin'ny fifidianana, dia nanapa-kevitra fa hamoaka an'izany ampahibemaso.

Satria tokoa mantsy, ny 31 Aogositra 2018 ka hatramin'ny 13 Septambra 2018 no nanatontosan'ny Kômity, ny **fanatonana tsirairay an'ireo Kandida ireo**, ho fampahafantarana an'io Dina novolavolaina io, mba hahafahan'izy ireo mitondra izay mety ho fanatevenana azy. Tamin'izany ihany koa, no nifanakalozana tamin'izy ireo ny mikasika ny fizotran'ny dingana amin'ny fifidianana sy nilazan'izy ireo izay manahiran-tsaina azy. Nandefasana an'io Dina novolavolaina io ihany koa ireo Kandida tsy afaka nohatonina mivantana.
Amin'ny ankapobeny dia hitan'izy ireo fa tsara izao fandraisana an-tanana natao izao.

**Endrika ankapoben'ny Dina**
Mba hisian'ny fifidianana madio sy tony ary mangarahara, dia ireto avy ireo hevi-dehibe misongadina amin'izany:

- **Firaiketam-po lalina amin'ny hasin'ny « Soatoavina Malagasy »**
- **Fangaraharahana amin'ny famatsiambolan'ny fampielezan-kevitra**
- **Tsy fanaovana herisetra**
- **Fanajana ny Lalàna**
- **Fanekena ny valim-pifidianana**

Manome toky ny Kômity Iombonana fa hanara-maso ny fanajana ny fanekena ny Dina.

**Ireo dingana ho arahina :**

- *Famoahana am-pahibemaso ny Dina mba hahafahan'ny mponina mahalala sy mandray an'izany.*
- *Alarobia 20 Septambra 2018 : Atrik'asa fampahafantarana, ary fizarana amin'ireo Kandida, na ny solontenany, ny Dina notapahina. Aoriana dia hanao sonia ireo Kandida tsara sitrapo : kandida miisa 27 no nandefa solontena, nisy kandida 1 tena tonga.*
- *Ny 03 Oktobra 2018 : Lanonana hanaovana ny sonia ho fanamarihana ny fanekena sy fanajana ny Dina.*
- *Serasera atao manerana ny nosy ho fampahafantarana ny Dina sy ny anaran'ireo Kandida nanao sonia na tsia.*
- *Asa atao ho fanaraha-maso ny fanajana ny Dina sy ny teny nomena.*

Ny Tetik'asa SACEM/PNUD sy ny Union Européenne, dia manohana ny Kômity Iombonana amin'ny asa fampahafantarana ny Dina.

**Mba hiverenan'ny fitokisana indray ny zotram-pifidianana ary mba hahamarobe an'ireo Mpifidy,**
**Izahay, Kômity Iombonana, dia manao Antso avo amin'ireo Mpilatsaka hofidiana mba hanao sonia ary hanaja izao Dina izao !**

**Antananarivo, faha-20 Septambra 2018**